

**SORITR'ASAM-PIANGONANA 26 APRILY 2017 FPMA
VAKITENY : 1 TES 1-10**

Fiarahabana

1Paoly sy Silasy ary Timoty mamangy ny fiangonan'ny Tesaloniana, izay ao amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo: ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana.

Ny mahatonga an'i Paoly hisaotra

Toetra telo

2Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva izahay ny aminareo rehetra ka manonona anareo amin'ny fivavahanay, 3sady tsy mitsahatra mahatsiaro ny asanareo amin'ny **finoana** sy ny fikelezanareo aina amin'ny **fitiavana** ary ny faharetanareo amin'ny **fanantenana** an'i Jesosy Kristy Tompontosika eo imason'Andriamanitra Raintsika;

Mariky ny fifidianan'Andriamanitra

4fa fantatray, ry rahalahy malalan'Andriamanitra, ny fifidianana anareo, 5fa ny filazantsaranay tsy tonga teo aminareo tamin'ny teny ihany, fa tamin'ny hery koa sy ny Fanahy Masina ary ny fahatokiana be, araka ny ahafantaranareo izay toetry ny fitondran-tenanay teo aminareo noho ny aminareo. 6Ary ianareo efa nanahaka anay sy ny Tompo, satria nandray ny teny tamin'ny fahoriana be mbamin'ny hafaliana avy amin'ny Fanahy Masina, 7ka dia tonga fianarana ho an'ny mino rehetra any Makedonia sy Akaia ianareo. 8Fa avy taminareo no nanenoan'ny tenin'ny Tompo, tsy tany Makedonia sy Akaia ihany, fa teny tontolo eny no nielezan'ny lazan'ny finoanareo an'Andriamanitra, ka dia tsy misy holazainay intsony.

Ny fiovana misy eo amin'ny fiainan'ny mino

9Fa ireny ihany no milaza ny aminay, dia izay fidirana azonay ho aty aminareo sy ny **nialanareo tamin'ny sampy hiverenana amin'Andriamanitra** mba **hanompo** an'Andriamanitra velona sy marina, 10ary mba **hiandry ny Zanany** avy any an-danitra, izay natsangany tamin'ny maty, dia Jesosy, izay Mpanafaka antsika amin'ny fahatezerana ho avy.

FAMPIANARANA

FAMPIDIRANA

Renivohitry ny Faritra ny Makedonia ary tanana lehibe misy seranam-tsambo i Tesalonika. Raha vao mahita hoe Makedonia dia tsaroana ny ao amin'ny Asa 16, 9 :

« Ary nony alina dia nisy fahitana niseho tamin'i Paoly, koa, indro, nisy lehilahy Makedoniana nitsangana teo ka nangataka azy hoe: Mità mankaty Makedonia, ka vonjeo izahay! »

Milaza izany va nalahatr'Andriamanitra ny dian'i Paoly sy ireo namany amin'iny Faritra Makedonia iny. Izany koa no nahatonga ireo fanoherana mafy nataon'ny fahavalo.

-NY NITSANGANAN'NY FIANGONANA TANY TESALONIKA : ASA 17, 1-10

Tamin'ny dia misionera faharoa nataon'i Paoly no nitsangana ny Fiangonana tany Tesalonika. Nisy fanenjehana mafy nataon'ny Jiosy tao ka voatery niala tsy fidiny tao Tesalonika Paoly. Lazainy ao amin'ny

1Tes 2, 17-18 izany :

« 17Ary izahay, ry rahalahy, rehefa tafasaraka taminareo vetivety foana tamin'ny fanatrehana, fa tsy tamin'ny fo, dia vao mainka nitady sy naniry fatratra hahita ny tavanareo. 18Koa naniry hankany aminareo indray mandeha amana indroa izahay, dia izaho Paoly; nefa nosakanan'i Satana izahay »

Tao anatin'izany rivotra fanenjehana izany no nanoratana an'izao Epistily ho an'ny Tesaloniana izao.

1TES 1, 1-10

NY SORA-MANDRY AMIN'ITY TOKO I ITY

« Fiarahabana ny Tesaloniana, sy fisaorana an'Andriamanitra noho ny nandraisan'ireo ny filazantsara sy ny nandrosoany tamin'ny finoana sy ny fitiavana »

FIARAHABANA NY TESALONIANA AND 1

« Paoly sy Silasy ary Timoty mamangy ny fiangonan'ny Tesaloniana, izay ao amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo: ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana. »

Ny mpanoratra

Rehefa voatery niala tany Beria i Paoly ka lasa tany Atena dia namonjy azy tany i Timoty sy Silasy araka ny hita ao amin'ny Asa 17, 14-15 :

« 14Ary niaraka tamin'izay dia nasain'ny rahalahy nandeha hatrany amoron-dranomasina Paoly; fa Silasy sy Timoty kosa dia mbola nijanona teo ihany. 15Ary izay nanatitra an'i Paoly dia nitondra azy nankany Atena; ary rehefa nahazo teny holazainy amin'i Silasy sy Timoty izy mba hankanesan'izy roa lahy any aminy faingana, dia lasa nandeha ireo. »

Izany no mahatonga an'izy telo mirahalahy ho Mpamangy ny Tesaloniana amin'ity Epistily ity.

-**Silasy** dia jiosy helenista niaraka tamin'ny Paoly tamin'ny dia misionera faharoa (Asa 15, 40)

-**Timoty** kosa dia avy any Lystra (Asa 16, 1-3). Niaraka tamin'i Paoly ko aizy tamin'ny Dia misionera faharoa sy fahatelo. Ao amin'ny 1Tes 3, 6 dia mbola niverina tany Tesalonika Timoty ka nahita ny fandroson'ny Filazantsara tao :

« Fa raha vao tonga atỳ aminay ankehitriny Timoty avy tatỳ aminareo ka nilaza teny taminay ny amin'ny finoanareo sy ny fitiavanareo ary ny fahatsiarovana anareo tsara anay mandrakariva, ka maniry hahita anay indrindra ianareo, tahaka anay aminareo koa » 1Tes 3, 6

-Tsy miteny ny maha apostoly azy Paoly eto fa mampilahatra ny tenany amin'izy mirahalahy izay niara-nanangana taminy ny Fiangonana tany Tesalonika

Ny fiangonana ivantanan'ny Epistily

Tesalonika : « ... izay ao amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo ». Fiangonana iray aina sy iray fomba amin'Andriamanitra sy Jeso Kristy

Fiarahabana : ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana...

FISAORANA AN'ANDRIAMANITRA and 2-10

Misy lafiny telo ny mahatonga an'i Paoly hifasy sy hisaotra an'Andriamanitra noho ny fiangonana tany Tesalonika :

1. Noho ireo toetra telo tokony ho hita eo amin'ny kristiana and 2-3
2. Ny mariky ny fifidianana ny Tesaloniana and 4-8
3. Ny Fiainan'ny Fiangonana sy ny mino and 9-10

1. Noho ireo toetra telo tokony ho hita eo amin'ny kristiana and 2-3

Finoana, Fanantenana, Fitiavana

« 2Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva izahay ny aminareo rehetra ka manonona anareo amin'ny fivavahanay, 3sady tsy mitsahatra mahatsiaro ny asanareo amin'ny **finoana** sy ny fikelezanareo aina amin'ny **fitiavana** ary ny faharetanareo amin'ny **fanantenana** an'i Jesosy Kristy Tompontosika eo imason'Andriamanitra Raintsika; (Jereo koa : 1Kor 13,13 ; Kol 1, 4-5 ; 1Th 5,8)

Ny finoana no ifandraisantsika amin'Andriamanitra sy hanovozantsika hery avy ao Aminy. Ny finoana dia tsy maintsy miseho amin'ny asa. Tsy asa hahazoana famonjena izao fa asa ataon'ny efa voavonjy sy vita fihavanana amin'Andriamanitra. Azo zaraina roa ny asan'ny finoana eto :

-Ny fitondran-tena madio sy masina vokatry ny fiombonana amin'Andriamanitra

-Ireo asa mampiseho ny fitiavana tovozona ao amin'Andriamanitra

Ny fitiavana Ny fitiavana ny hafa no manosika ny mino amin'izay ataony rehetra. Ny finoana marina dia miseho amin'ny fitiavana

Fanantenana fa mbola ho avy amin'ny voninahiny ny Tompo

2. Ny mariky ny fifidianana an'ny Tesaloniana and 4-8

« 4fa fantatray, ry rahalahy malalan'Andriamanitra, ny fifidianana anareo, 5fa ny filazantsaranay tsy tonga teo aminareo tamin'ny teny ihany, fa tamin'ny **hery koa sy ny Fanahy Masina** ary ny fahatokiana be, araka ny ahafantaranareo izay toetry ny fitondran-tenanay teo aminareo noho ny aminareo. 6Ary ianareo efa **nanahaka anay sy ny Tompo**, satria nandray ny teny tamin'ny fahoriana be mbamin'ny hafaliana avy amin'ny Fanahy Masina, 7ka dia **tonga fianarana** ho an'ny

mino rehetra any Makedonia sy Akaia ianareo. 8Fa avy taminareo no nanenoan'ny tenin'ny Tompo, tsy tany Makedonia sy Akaia ihany, fa teny tontolo eny no nielezan'ny lazan'ny finoanareo an'Andriamanitra, ka dia tsy misy holazainay intsony. »

Ireo toetra telo teo aloha miampy izao voaza izao : Finoana , Fanantenana, Fitiavana +
Ny fomba nahatongavan'ny Filazantsara tao Tesalonika

-Tamin'ny hery sy ny Fanahy Masina

-Tahaka an'i Paoly sy Jesosy : Nisy fahoriana sy fanoherana mafy

-Tonga fianarana ho an'ny mino : Nahazo toerana be ny Tenin'Andriamanitra == > naneno

Ny fiovana hita

9Fa ireny ihany no milaza ny aminay, dia izay fidirana azonay ho atỳ aminareo sy ny **nialanareo tamin'ny sampy hiverenana amin'Andriamanitra** mba **hanompo** an'Andriamanitra velona sy marina, 10ary mba **hiandry ny Zanany** avy any an-danitra, izay natsangany tamin'ny maty, dia Jesosy, izay Mpanafaka antsika amin'ny fahatezerana ho avy.

-Niala tamin'ny sampy hiverina amin'Andriamanitra

-Hanompo an'Andriamanitra velona sy marina

-Miandry ny Zanany, Jesosy